

N'éloignez pas de vous la miséricorde

Par Matthew S. Holland
des soixante-dix

Aza mamoy izay mpamindra fo aminao

Nataon'ny Loholona Matthew S. Holland
Ao amin'ny Fitopololahy

Conférence générale d'octobre 2025

Vous avez un accès immédiat à l'aide et à la guérison divines en dépit de vos faiblesses humaines.

Un jour, un instituteur a enseigné qu'une baleine, même de grande taille, ne peut pas avaler un humain parce que les baleines ont une gorge étroite. Une petite fille a objecté : « Mais Jonas a été avalé par une baleine ! » L'instituteur a répondu : « C'est impossible ! » Toujours pas convaincue, la fillette a dit : « Eh bien, quand j'irai au paradis, je le lui demanderai. » L'instituteur a ricané : « Et si Jonas a péché et qu'il n'est pas allé au paradis ? » La fillette a répondu : « Alors vous le lui demanderez. »

Nous rions, mais nous ne devons pas passer à côté de la force que l'histoire de Jonas procure à chaque personne qui « recherche humblement le bonheur », en particulier celles qui traversent des moments difficiles.

Dieu commande à Jonas d'aller à Ninive afin d'y prêcher le repentir. Mais, Ninive étant jadis l'ennemi juré d'Israël, Jonas s'empresse d'aller dans la direction opposée, prenant le bateau pour Tarsis. Pendant qu'il est sur la mer, fuyant son appel, arrive une violente tempête qui menace de faire chavirer le navire. Certain que sa désobéissance en est la cause, Jonas se porte volontaire pour qu'on le jette par-dessus bord. Cela a pour effet de calmer la mer en furie et ses compagnons de bord sont sauvés.

Miraculeusement, Jonas échappe à la mort quand un « grand poisson » que le Seigneur « [fait] venir » l'engloutit. Mais il se languit dans cet endroit extrêmement sombre et putride pen-

Afaka mahazo fanampiana sy fanasitranana avy any an-danitra avy hatrany ianao na dia eo aza ny fahalemena amin'ny maha-olombelona anao.

Nampianatra ny mpampianatra iray indray mandeha fa na dia lehibe aza ny trozona dia tsy mahatelina olona, satria kely ny tendan'izy ireny. Nisy ankizivavy iray nanohitra hoe: “Kanefa i Jona dia natelina trozona.” Namaly ilay mpampianatra hoe: “Tsy mahavita an'izany ireny.” Tsy mbola resy lahatra anefa ilay tovovavy ka nanao hoe: “Eny ary, rehefa tonga any an-danitra aho dia hanontany azy.” Naneso ilay mpampianatra: “Ahoana raha toa ka mpanota i Jona ka tsy nahazo ny lanitra?” Namaly ilay ankizivavy hoe: “Raha izany dia ianao no hanontany azy.”

Mihomehy isika, saingy tsy tokony hohadinointsika ny hery atolotry ny tantaran'i Jona ho an'ny “mpikatsaka fiadanana mietry tena” tsirairay, indrindra fa ireo izay misedra olana.

Andriamanitra dia nandidy an'i Jona “handeha any Ninive” mba hanambara fibebahana. Saingy fahavalo mahatsiravin'ny Isiraely fahiny anefa i Ninive—hany ka nandeha sambo nifanohitra mihitsy amin'izany nankany Tarsisy avy hatrany i Jona. Rehefa nandeha sambo nanalavitra ny antsony izy, dia nisy tafio-drivotra manimba sambo niforona. Noho ny fahazoany antoka fa ny tsy fankatoavany no nahatonga izany dia nanelo-tena hatsipy an-dranomasina i Jona. Izany dia nampitony ny ranomasina nisamboaravoara, ka naha avotra an'ireo namany tao anaty sambo.

Mahagaga anefa fa tsy maty i Jona rehefa nitelina azy ny “hazandrano lehibe” iray “no-manin'ny” Tompo. Saingy tavela tao amin'ilay toerana maizin-kitroka sy tena maharikoriko

dant trois jours, jusqu'à ce qu'il soit finalement recraché sur la terre ferme. Il accepte alors son appel à se rendre à Ninive. Cependant, lorsque la ville se repent et est épargnée de la destruction, Jonas s'indigne de la miséricorde accordée à ses ennemis. Dieu enseigne patiemment à Jonas qu'il aime tous ses enfants et qu'il désire tous les secourir.

En faillissant plus d'une fois à l'accomplissement de ses devoirs, Jonas montre de façon frappante que, dans la condition mortelle, « tous sont déchus ». Nous ne parlons pas souvent du témoignage de la Chute. Mais le fait d'avoir une compréhension doctrinale et un témoignage spirituel des raisons pour lesquelles chacun de nous, sans exception, est confronté à des difficultés morales, physiques ou liées à notre situation est une grande bénédiction. Ici-bas, on voit croître les mauvaises herbes, on constate que même les os solides peuvent se briser, et que tous sont privés de la gloire de Dieu ». Mais cette condition mortelle, résultat des choix d'Adam et Ève, est essentielle à la raison même de notre existence : « pour [que nous ayons] la joie » ! Comme nos premiers parents l'ont appris, ce n'est qu'en goûtant à l'amer et en connaissant la douleur d'un monde déchu que nous pouvons ne serait-ce que concevoir, sans même parler de ressentir, le vrai bonheur.

Un témoignage de la Chute n'excuse pas le péché ni une approche laxiste des devoirs qui nous incombent dans la vie, lesquels requièrent toujours la diligence, la vertu et la notion de responsabilité. Mais ce témoignage doit atténuer notre contrariété lorsque les choses vont simplement mal ou que nous constatons un manque chez un membre de notre famille, un ami ou un dirigeant. Trop souvent, ce genre de choses nous poussent à nous enfermer dans la critique négative ou le ressentiment qui minent notre foi. Notre témoignage de la Chute doit nous aider à être plus semblables à Dieu qui, selon la description de Jonas, est « miséricordieux, lent à la colère et riche en bonté » envers tous, y compris nous-mêmes, dans notre état inévitablement imparfait.

Plus encore que la démonstration des effets

izy nandritra ny telo andro mandra-pamoahana azy tamin'ny tany maina. Nanaiky ny antsony ho any Niniva izy avy eo. Kanefa, rehefa nibebaka ilay tanàna ka tsy ho ringanina, dia tezitra i Jona noho ny famindram-po naseho ho an'ireo fahavalony. Nampianatra tamim-paharetana an'i Jona Andriamanitra fa tia sy mikatsaka ny hamonjy ny zanany rehetra Izy.

Nanao fahadisoana mihoatra ny indray mandeha teo amin'ny andraikiny i Jona, ka nanome fijoroana ho vavolombelona mazava tsara fa eto amin'ny fiainana an-tany dia “lavo ny rehetra”. Tsy miresaka matetika momba ny fijoroana ho vavolombelona ny amin'ny Fahalavoana isika. Saingy fitahiana lehibe ny fananana fahatakarana ara-potopampianarana sy vavolombelona ara-panahy mikasika ny antony ananan'ny tsirairay avy amintsika fanamby ara-pitondrantena sy ara-batana ary ara-trangam-piainana manokana. Ahitana zavatra ratsy sy mampivarahontsana ny eto an-tany, ary nyrehetradia “tsy manana ny voninahitra avy amin' Andriamanitra.” Saingy izao fiainana an-tany izao—izay vokatry ny safidy nataon'i Adama sy i Eva—dia tena manan-danja amin'ny antom-pisiansika: “mba hahazo[antsika] fifaliana”! Araka ny nianaran'ny ray aman-drenintsika voalohany, dia amin'ny fanandramana ny mangidy sy ny fahatsapana ny fanaintainan'ny tontolo lavo ihany no hahafahantsika mahatakatra, na koa hisitraka ny tena fahasambarana.

Ny fijoroana ho vavolombelona momba ny Fahalavoana diatsymanamaivana ny fahotana na ny fanaovana tsirambina ny andraikitra eo amin'ny fiainana, izay mitaky fahazotoana sy hatsaran-toetra ary fandraisana andraikitrahatra. Tokony hampitony ny fahasorenantsika anefa izany rehefa misy zavatra tsy mandeha araka ny tokony ho izy, na rehefa mahita fitondran-tena tsy mety eo amin'ny olona iray ao amin'ny fianakaviana, na namana, na mpitarika. Matetika loatra ny zavatra toy izao no mahatonga antsika hilentika ao anaty fanakianana misy fifandirana na lonilony izay mandrava ny finoantsika. Saingy ny fijoroana ho vavolombelona mafy orina momba ny Fahalavoana dia afaka manampy antsika hitovy bebe kokoa amin'Andriamanitra araka izay nofaritan'i Jona hoe “mamindra fo, mahari-po sady [manana hatsaram-panahy lehibe]” amin'ny rehetra—anisan'izany ny tenantsika—amin'ny toetrantsika tsy lavorary izay tsy azo ihodivirana.

Mihoatra noho ny fanehoana ny vokatry ny

de la Chute, l'histoire de Jonas nous conduit avec force vers celui qui peut nous délivrer de ces effets. Le sacrifice volontaire de Jonas pour sauver ses compagnons de bord illustre bien ce qu'a fait le Christ. Et, à deux reprises, lorsqu'on lui demande un signe miraculeux de sa divinité, Jésus répond que le seul signe qu'il donnera sera « le miracle [de Jonas] », observant que « de même que Jonas fut trois jours et trois nuits dans le ventre d'un grand poisson, de même le Fils de l'homme sera trois jours et trois nuits dans le sein de la terre ». Comme symbole de la mort sacrificielle et de la résurrection glorieuse du Sauveur, Jonas s'avère peut-être imparfait. Mais c'est aussi ce qui rend son témoignage personnel de Jésus-Christ et son engagement envers lui, offerts dans le ventre d'une baleine, si poignants et inspirants.

Le cri de Jonas est celui d'un homme bon en profonde difficulté, en grande partie à cause de ses propres actions. Pour un saint, lorsqu'une catastrophe est causée par une habitude, un commentaire ou une décision regrettables, en dépit de multiples bonnes intentions et d'efforts sincères pour mener une vie juste par ailleurs, cela peut être particulièrement éprouvant et susciter un sentiment d'abandon. Mais, quelles que soient la cause ou la grandeur du désastre auquel nous sommes confrontés, il y a toujours un coin de terre ferme où trouver l'espérance, la guérison et le bonheur. Écoutez ce que dit Jonas :

« Dans ma détresse, j'ai invoqué l'Éternel, et il m'a exaucé ; du milieu du séjour des morts j'ai crié [...].

« Tu m'as jeté dans l'abîme, dans le cœur de la mer [...]

« [et] je disais : je suis chassé loin de ton regard ! Mais je verrai encore ton saint temple.

« Les eaux m'ont couvert jusqu'à m'ôter la vie, l'abîme m'a enveloppé, les roseaux ont entouré ma tête.

« Je suis descendu jusqu'aux racines des montagnes [...] maistu m'as fait remonter vivant de la fosse. [...]

« Quand mon âme était abattue [...], je me suis souvenu de l'Éternel, et ma prière est parvenue jusqu'à [...] ton saint temple.

Fahalavoana aza, ny tantaran'i Jona dia mitarika antsika amin-kery ho any Aminy izay afaka manafaka antsika amin'ireo vokatra ireo. Tena mitovy amin'ny toetran'i Kristy tokoa ny fahazoanana-tena nataon'i Jona mba hamonjena ny mpiray sambo taminy. Ary in-telo i Jesoa rehefa nangatahana famantarana mahagaga ny amin'ny maha-Andriamanitra Azy dia nilaza mafy fa “tsy hisy famantarana homena ... afa-tsy famantarana ny amin'i Jona”, izay nanambara fa tahaka ny “nitoeran'i Jona hateloan'andro sy hateloan'alina tao an-kibon'ny hazandrano lehibe, dia toy izany no hitoeran'ny Zanak'olona hateloan'andro sy hateloan'alina ao anatin'ny tany.” I Jona izay tandindon'ny fahafatesan'ny Mpamonjy sy ny fitsanganana amin'ny maty feno voninahitra, dia mety nanana fahalemena. Saingy izany koa anefa no mahatonga ny fijoroana ho vavolombelona manokana ananany sy ny fanoloran-tenany amin'i Jesoa Kristy, izay natolotra tao an-kibon'ilay trozona, ho tena manohina sy manentana.

Ny fitalahoan'i Jona dia ny fitalahohan'ny lehilahy iray tsara fanahy ao anatin'ny krizy, izay vokatra ny nataony manokana. Ho an'ny olomasina iray, rehefa misy loza ateraky ny fahazarana na fanehoan-kevitra na fanapahan-kevitra mitondra nenina, na dia eo aza ny fikasana tsara maro hafa sy ny fiezahana hanao ny marina amin-kitsimpo, dia mety hampivarahontsana indrindra izany ary hamela fahatsapana ho nilaozana. Saingy na inona na inona antony na halehiben'ny loza atrehantsika, dia misyfoanany tany maina hahazoana fanantenana sy fanasitranana ary fahasambarana. Henoy i Jona:

“Niantso an'i Jehovah tamin'ny fahoriako aho ... ; tao anatin'ny fiainan-tsi-hita no nitarainako.

...

“Fa efa natsipinao tao anatin'ny lalina aho, dia tao amin'ny ranomasina. ...

“[Ary] dia hoy izaho: Voaroaka tsy ho eo anatrehan'aho, nefambola nanatrika ny tempolinao masina ihany.

“Ny rano nanarona ahy hatramin'ny aiko, ny lalina namefy ahy manodidina, ny zava-maniry any an-dranomasina nisingotra manodidina ny lohako.

“Tafalatsaka tany amin'ny fanambanian'ny tendrombohitra aho; ... nefanampiakatra ny aiko avy tao an-davaka Hianao. ...

“Raha reraka tato anatiko ny fanahiko ... dia nahatsiaro an'i Jehovah aho: ka tonga tao amin'ny fivavako ... dia tao amin'ny tempolinao

« Ceux qui s'attachent à de vaines idoles éloignent d'eux la miséricorde.

« Pour moi, je t'offrirai des sacrifices avec un cri d'actions de grâces, j'accomplirai les vœux que j'ai faits: Le salut vient de l'Éternel. »

Même si cela remonte à de nombreuses années, je peux vous dire exactement où j'étais assis et ce que je ressentais lorsque, profondément englouti dans les entrailles d'un enfer personnel, j'ai découvert cette Écriture. Pour quiconque éprouve ce que j'ai ressenti alors, la sensation d'être retranché, submergé par les eaux profondes, les roseaux se mêlant autour de votre tête et les montagnes de l'océan s'abattant tout autour de vous, ma supplication, inspirée par Jonas, est la suivante : n'éloignez pas de vous la miséricorde. Vous avez un accès immédiat à l'aide et à la guérison divines en dépit de vos faiblesses humaines. Cette miséricorde merveilleuse vient par et à travers Jésus-Christ. Il vous connaît et vous aime parfaitement, c'est pourquoi il vous l'offre, à vous personnellement. Cela signifie qu'elle est parfaitement adaptée à vous, conçue pour soulager vos agonies individuelles et guérir vos souffrances particulières. Alors, pour l'amour du ciel et pour votre propre bien, ne la refusez pas. Acceptez-la. Commencez par refuser d'écouter les « vaines idoles » de l'adversaire, qui pourraient vous tenter en vous laissant croire que le soulagement se trouve dans la fuite, voguant loin de vos responsabilités spirituelles. Au contraire, suivez l'exemple du Jonas repentant. Invoquez Dieu. Tournez-vous vers le temple. Accrochez-vous fermement à vos alliances. Servez le Seigneur, son Église, et autrui dans un esprit de sacrifice et d'actions de grâces.

Ce faisant, vous obtiendrez la vision de l'amour spécial de Dieu pour vous qui émane des alliances, ce que la Bible hébraïque appelle *hesed*. Vous constaterez et ressentirez le pouvoir des « tendres miséricordes » loyales, indéfectibles et inépuisables de Dieu, qui peuvent vous rendre « puissants au point même d' [être] délivrés de tout péché ou revers ». Il est possible qu'une angoisse précoce et intense puisse occulter cette perspective au début. Cependant, si vous continuez d'accomplir « les vœux que [vous avez] faits », cette perspective deviendra de plus en

masina.

“Izay mivavaka amin'ny sampy dia mahafofy Izay Mpamindra fo aminy.

“Fa izaho, dia feo midera no entiko mamono zavatra hatao fanatitra ho anao; ary izay nivoadia-ko dia hefaiko. An'i Jehovah ny famonjena.”

Na dia taona maro lasa aza izay, dia afaka milaza aminareo marina aho hoe taiza no ni-petrahako, ary inona marina no tsapako, rehefa, tao anatin'ny kibon'ny helo manokana iray aho, ka nahitako an'io soratra masina io. Ho an'izay rehetra manana fahatsapana toy ny zavatra tsapako tamin'izany andro izany—hoe natsipy ianao, nilentika tao anaty rano lalina indrindra, nisy ahi-dratsy nanodidina ny lohanao ary nisy ranomasina misamboaravoara manonja manodidina anao—ny fitalahoako, nentanin'i Jona, dia izao: aza mamoy izay mpamindra fo aminao. Afaka mahazo fanampiana sy fanasitranana avy any an-danitra avy hatrany ianao na dia eo aza ny fahalemena amin'ny maha-olombelona anao. Io famindram-po mahatalanjona io dia tonga avy amin'ny sy amin'ny alalan'i Jesoa Kristy. Satria mahafantatra sy tia anao tanteraka Izy, dia atolony anao ho toy ny “anao manokana” izany, izay midika fa mety tsara aminao izany, natao mba hanamaivanana ny fangirifirianaomanokana sy hanasitranana ny fanaintainanaomanokana. Noho izany, ho tombontsoan'ny lanitra sy ho anao, dia aza omena lamosina izany. Raiso izany. Atombohy amin'ny fandavana ny fihainoana ireo “samy [feno laingan’]” ilay fahavalo izay haka fanahy anao hieritreritra fa ny fahamaivanana dia hita amin'ny fivoizana manalavitra ny andraikitrao ara-panahy. Araho eo amin'ny toeran'izany ny fitarihan'i Jona nibe-baka. Mitalahoa amin' Andriamanitra. Mitodiha amin'ny tempoly. Mifikira amin'ny fanekempihavanana nataonao. Manompoa ny Tompo sy ny Fiangonany ary ny hafa amin'ny fahafoizan-tena sy amim-pisaorana.

Ny fanaovana ireo zavatra ireo dia mitondra fahitana ny amin'ny fitiavan' Andriamanitra ao anaty fanekempihavanana manokana ho anao— izay antsoin'ny Baiboly Hebreo hoe *hesed*.” Hahita sy hahatsapa ny herin'ny “halehiben'ny famindram-pon' ny Tompo” tsy mivadika sy tsy mety sasatra ary tsy mety lany izay afaka hahatonga anao “[hahery]... hatrany amin'ny ... fanafahana” amin'izay mety ho fahotana na fihemorana. Mety hanarona izany fahitana izany amin'ny voalohany ny fisavorovoroana aloha sy mafy loatra. Saingy rehefa manohy “manefa izay

plus éclatante en votre âme. Et, grâce à celle-ci, vous ne recevrez pas seulement l'espérance et la guérison, mais, étonnamment, vous obtiendrez la joie, même au milieu de votre épreuve. Comme le président Nelson l'a si bien enseigné : « Lorsque [notre vie] est centrée sur le plan du salut de Dieu [...], sur Jésus-Christ [...] et sur son Évangile, nous pouvons connaître la joie, quoi qu'il arrive, ou n'arrive pas, dans notre vie. La joie vient de lui et grâce à lui. »

Que nous soyons face à une immense catastrophe, comme celle vécue par Jonas, ou aux difficultés de chaque jour liées à notre monde imparfait, l'invitation est la même : n'éloignez pas de vous la miséricorde. Tournez vos regards vers le miracle de Jonas, le Christ vivant, celui qui s'est levé de son tombeau au troisième jour, après avoir tout vaincu, pour vous. Tournez-vous vers lui. Croyez en lui. Servez-le. Souriez. Car c'est en lui, et lui seulement que l'on trouve la guérison complète et joyeuse de la Chute, guérison dont nous avons tous si urgemment besoin, et que nous recherchons tous humblement. Je vous témoigne que c'est vrai. Au nom sacré de Jésus-Christ. Amen.

nivoadia[nao]” ianao, dia hamirapiratra hatrany ao amin'ny fanahinao ny fahitana toy izany. Ary miaraka amin'izany fahitana izany dia tsy hahita fanantenana sy fahasitranana fotsiny ihany ianao fa, amin'ny fomba mahagaga, dia hahita fifaliana, na dia eo anivon'ny fisedrana aza. Araka ny nampianarin'ny Filoha Russell M Nelson tsara hoe: “Rehefa ny drafitry ny famonjen' Andriamanitra ... sy i Jesoa Kristy ary ny filazantsarany no ifantohan'ny fiainantsika dia afaka mahatsapa fifaliana isika na inona na inona zava-mitranga—na tsy mitranga—eo amin'ny fiainantsika.” Tonga avy Aminy sy noho Izy ny fifaliana.”

Na dia miatrika loza lalina sahala amin'ny an'i Jona aza isika, na ny fanamby isan'andro eo amin'ny tontolontsika tsy lavorary, dia mitovy ny fanasana: aza mamoy Izay Mpamindra fo aminao. Jereo ny famantarana ny amin'i Jona, ilay Kristy velona, Ilay nitsangana avy tao amin'ny fasany naharitra hateloana rehefa nandresy nyzava-drehetra—ho anao. Mitodiha any Aminy. Minoa Azy. Manompoa Azy. Mitsikia. Fa ao Aminy ary Izy irery ihany no hahitana ny fanasitranana feno sy mahafaly avy amin'ny Fahalavoana, ny fanasitranana no ilaintsika rehetra maika sy katsahintsika amim-panetren-tena. Mijoro ho vavolombelona aho fa marina izany. Amin'ny anarana masin'i Jesoa Kristy, amena.